6

# Ny LALAO sy FIALAM-BOLY

## TANJONA

Mitia sy mikolo ny haren-tsaina malagasy tarafina amin'ireo lalao sy fialam-boly.

## LESONA HOTADIDINA

Ny lalao sy fialam-boly dia fanaovana izay mahafinaritra ny tena rehefa avy nanao ny asa aman-draharaha andavanandro mba hialana havizanana ka hanovozana hery vaovao indray hiatrehana ny ho avy. Misy karazany maro izany.

**KARAZANA LALAO SY FIALAM-BOLY**

- Lalao iombonana : baolina, vitsilia, kivarivary, fampitaha, ...
- Lalao samirery : savika, moraingy, fanorona, tantara vato, rary, tenona, ...

**NY ENDRIKA ISEHOAN'NY LALAO SY FIALAM-BOLY**

- Tsy mifidy taona ny fialam-boly.
- Ny faritra tsirairay eto Madagasikara dia samy manana ny lalao sy fialam-boly mampiavaka sy manavanana azy avy. Na izany aza dia misy ireo fialam-boly hita sy atao na aiza na aiza.
- Misy ny lalao sy fialam-boly manaraka vanim-potoana.
- Misy ny lalao sy fialam-boly tsy ahitana mpijery. Misy kosa anefa ireo mahasarika mpankafy maro.
- Misy ny lalao sy fialam-boly mahery setra, misy ireo lalao malefaka.

**NY ANJARA ASAN'NY LALAO SY FIALAM-BOLY**

- Misy ny lalao sy fialam-boly natao hanitaran-tsaina sy/na hampihetsehana ny vatana.
- Misy ny lalao sy fialam-boly natao hanazarana ny ankizy handray andraikitra sy hahay hiara-hiasa amin'ny hafa.

- Misy ny lalao natao hanomanana ny maha olona ka hanazarana ny ankizy amin'ny fiatrehana ny fiainana, na ny mora na ny sarotra.
- Misy ny lalao sy fialam-boly natao handranitana ny saina.

## Sahanasa 1

***Diniho ireto ohabolana ireto ary ambarao ny antony ilazana fa tena hery tokoa ny kilalao Malagasy :***

*"Ny asa atao an-kira toa vita tsy natao".*

*… … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … …*
*… … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … …*
*… … … … … … … … … …*

*"Raha mpitari-bato no tsy mihoraka, very ny androatokon'aina, ary raha mpinamana no tsy miresaka, very ny androantokom-pihavanana".*

*… … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … …*
*… … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … … …*
*… …*

## Sahanasa 2

***Fenoy karazana lalao sy fialam-boly ny banga ato amin'ity lahatsoratra ity :***

Akaiky renirano moa Ambohimahatakatra ka tsy mahagaga loatra raha mahay ……....(1)……… ny ankabeazan'ny ankizilahy ao an-tanàna. Misy fomba roa ampiasanay ankizy ny tady rehefa milalao izahay. Ho anay ankizy vavy dia ampiasaina izy rehefa manao …(2)……… Ho an'ny zatovolahy efa herotrerony kosa tady mahazaka no ampiasaina anaovana ………(3)……….. Ka amin'izany dia mizara ho tarika roa izy ary mifampisintona.